VEHIVAVY TIM ANALAMANGA

Haneho ny tanjany, hanao fivoriambe ny sabotsy izao

Tsy mitazana fotsiny ny loza manjo ny firenena ankehitriny ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM), izay rantsana lehibe ao anatin'ny antoko Tiako i Madagasikara , fa vonona ary ho sahy hanabe voho ny antoko . Manoloana izany dia nisy ny fidinana ifotony teny amin'ny boriborintany 6 teto Antananarivo renivohitra nanombohana ny asa nataon'ny birao mitantana vonjimaika ny vehivavy TIM Analamanga. Tsapa tao anatin'izany, fa mavitrika ireo vehivavy TIM solontena isampokotany mandrafitra ny boriboritany miisa 6, tonga namonjy ny fivoriana, satria na dia tao anatin'ny fotoana fohy aza no nanomanana izany dia tonga maro be izy ireo . Hisy ny ezaka ho an'ireo fokontany mbola tsy nahatonga solontena araka ny fanambarana , ka ao anatin'ny fotoana fohy no hanaovana izany.

Ny fivoriana fanomanana ny fivoriambe hataon'ny Vehivavy TIM Analamanga ny sabotsy izao.

Manaraka izay , ny sabotsy izao dia hisy ny fihaonambe hanasana ny vehivavy TIM rehetra eto amin'ny faritra Analamanga etsy Bel'Air Ampandrana, fotoana koa io hanehoan'ny Vehivavy TIM Analamanga ny tanjany. Ao anatin'izany no hanomezan'ireo birao politika nasionaly toromarika ho an'ny vehivavy TIM hampandrosoana ny antoko. Anio alakamisy amin' ny 2 ora tolakandro kosa ny fivoriana hanomanana ny fihaonambe ny sabotsy izao araka ny fanamarihana nataon'ny mpikarakara. Vonona handray andraikitra amin'ny raharahampirenena ankehitriny ny Vehivavy TIM, fa tsy hijery fotsiny ny firenena miha-mikororosy fahana hatrany. Ny tanjona amin' izany dia ny hametrahana ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray.

Helisoa

Rina Randriamasinoro

Tsy manana olana amin'ny olom-boafidiny ny TIM

Vahiny no sady tompontrano no voaasa afak' omaly tao amin' ny fandaharana Miara-manonja, dia ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro, tonga nizara ny vaovao rehetra mikasika ny antoko TIM sy ny zavamisy ankehitriny.

Tsy mivaky

Momba ny antoko TIM no voalohantenin'i Rina Randriamasinoro dia mikasika ny tsaho miely sy tonga hatrany anaty gazety milaza ny fivakisan'ny antoko. Iray tsy mivaky ny antoko TIM, hoy izy. Ny hazo avo halan-drivotra, ka miezaka manely tsaho ireo mpanakorontana handemena ny antoko TIM. Rehefa tsy nahita ireo solombavambahoaka Fidèle Razara Pierre sy Me Hanitra Razafimanantsoa tao anaty fandaharana ireo tsy mahazaka ny fandaharana dia nanely feo fa misy fivakisana. Ny tenin'i Rina Randriamasinoro dia tsotra: tsy manana olana ny antoko TIM amin'ireo olomboafidy ao aminy ary anjaran'ireo solombavambahoaka tsirairay avy no mifandimby mitafa amin' ny vahoaka.

Ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, nandritra ny fandaharana Miara-Manonja.

Redynamisation na famelomamaso

Fanombohana ny atrikasa famelomamaso ho an'ny faritra Analamanga natao tao Alasora ny zoma faha-13 jolay hoy izy. Ireo olona tonga nivory avy amin'ny distrika dia ho eny amin'ny fokontany hanao fanisana sy hanavao ny rafitra eny ifotony. Hitarina any amin'ny faritra rehetra izany asa izany. Ny tanjona dia ny fampiroboroboana sy fanairana ary famerenana ny mpikambana handray anjara feno ao anatin'ny antoko sy hiatrika ny raharampirenena.

Fikaonandoha nasionaly 23 sy 24 jolay

Ny tena antony tsy maintsy nanaovana fikaonandoha nasionaly dia ny fahatsapàna ny zavamisy eto amin'ny firenena, manoloana ny roa taona sy tapany nitondran'ireo mpitondra ity firenena ity. Fahantrana lalina mihàtra aman'aina no hita. 75% ny Malagasy no miaina ambanin'ny tahan'ny fahantrana araka ny tarehimarika navoakan'ny Banky Iraisampirenena. Ny antony manaraka dia natao ikatsahana vahaolana miaraka amin'ny olompirenena rehetra tsy ankanavaka: ny RMDM, ny antoko politika, vondron' olontsotra, sendika, solontenana masoivoho vahiny, fiarahamonimpirenena, mpitondra fivavahana,… Ny tsoa-kevitra vokatry ny fikaonandoha dia nalefa any amin'ireo mpiara-mombon'antoka na 'partenaires techniques financiers' (PTF), ahitàna teboka fitakiana miisa 16. Mbola haterina any amin'ny fitondram-panjakana koa. Raha bangoina tokana ny fototry ny olana dia ratsy tantana ny firenena, hoy ihany ny sekretera jeneralin'ny TIM, ka hanana ny fahaiza-manao ve ny fitondram-panjakana hanavotra ity firenena ity, na dia hita izao fa eo ampelantanany daholo ny fahefana rehetra ? Namarana ny teniny i Rina Randriamasinoro nanafatra, fa betsaka ny asa miandry ny mpanohitra, tsy ho ave- la ho latsaka an-kady sy ho rendrika ny firenena, ka hijery izay fomba rehetra hanavotana azy ny fanoherana, ao anatin'izany ny antoko Tiako i Madgasikara (TIM), hoy izy.

Isambilo

Antoko politika miisa 4

Namolavola tolo-kevitra ho fanitsiana ny lalam-pifidianana

Efa nahabe resaka hatramin'izay ny olana momba ny fifidinana teto amintsika farany teo ireny, anisan'ny niterakaa izany olana izany ny lalam-pifidianana. Antoko politika miisa 4 izao no fantatra fa namolavola fanitsiana ny lalam-pifidianana eto amintsika. Nanolotra volavolana fehin-kevitra miisa 13 hanitsiana ny laläm-pifidianana teny amin'ny Antenimierampirenena sy ny Primatiora omaly, ireo antoko politika miisa 4, nahitana ny Antoko Politika Madio (APM), Humaniste Ecologique Madagascar, ny Antoko Otrikafo ary ny Roso ho an'ny Demokrasia Sosialy (RDS). Izo fehin-kevitra izao dia niarahan'izy ireo namolavola tamin'ny fiarahamonim-pirenena: ny Transparency International eto Madagasikara (TI-IM), ny Cercle de Réflexion pour l'Avenir de Madagascar (CRAM) ary ny LAKROA. Toy izao ireo Fehinkevitra natolotr'izy ireo:

1.Daty raikitra isaky ny dimy (5) taona hanatanterahana ny fifidianana rehetra manomboka amin'ny filoham-pokontany hatramin'ny filoham-pirenena.
2.Havadika ho nomerika ny lisipifidianana ary misokatra mandavan-taona.
3.Antoko na vondrona politika ihany no afaka manolotra olona hofidina.
4.Atao mandavan-taona ny fanabeazana ny olom-pirenena mifandraika amin'ny fifidianana ary ireo antoko, na vondrona politika mijoro ara-dalàna, no hiandraikitra izany, anatin'ny haino aman-jery RNM sy TVM.

5.Ny fanabeazana olom-pirenena dia tafiditra amin'ny fampielezan-kevitra mialoha ny fotoana. Faritana mazava ny azo atao sy ny tsy azo atao.
6.Hatsangana ny fitsarana manokana misahana ny zotram-pifidianana (tribunal électoral de référé), manomboka amin'ny fampielezan-kevitra hatramin'ny fivoahan'ny voka-pifidianana.
7.Ampitomboina ny fe-potoana anaovana fampielezan-kevitra; ary ny vinan'ny kandidà no hazavaina. Tsy azo asiana seho ara-java-kanto sy fizarana vola na akanjo, satroka, lambahoany, vary, menaka,… Esorina tsy ho kandidà izay mandika izany (Fahefan'ny fitsarana manokana misahana ny zotram-pifidianana).
8.Ferana ny vola ampiasain'ny kandidà amin'ny fifidianana. Ary voasazy izay mandika izany.
9.Hatsangana ny filan-kevitra nasionalin'ny fifidianana ahitana ireo hery velona rehetra. Io rafitra io no mandinika momba ny fe-potoana hanaovana fampielezan-kevitra, ny petra-bola na ny famerana ny fampiasambola amin'ny fifidianana.
10.Ny kandidà tsirairay dia manana anjara fotoana mitovy isan'andro ao amin'ny haino aman-jery RNM sy TVM. Atsangana ny Filan-kevitra nasionaly momba ny serasera ho an'ny fifidianana izay mamaritra ny fepetra amin'ny fampiasana ny haino vaky jery rehetra.
1 1.Manokana toerana isaky ny vakim-paritry ny fokontany ny kaominina, mba hametahana ireo afisy mifandraika amin'ny fifidianana. Ny fanjakana no manala sy mandrovitra ny afisy mipetraka ivelan'ny toerana voafaritra.

12. Tsy maintsy mizaka ny zom-pirenena malagasy ireo olom-pirenena izay handray anjara amin'ny fifidianana.
13. Ny fanangonana ny voka-pifidianana rehetra dia ampiasana ny teknolojia vaovao.

Stefa

Ny Valosoa sy fakafaka

Misamboaravoara ny toe-draharaha politika
Manana ny heviny ny sarambabem-bahoaka

Misamboaravoara ny toe-draharaha politika ny fahitana azy amin'izao fotoana izao. Mety hanana ny fijeriny samihafa ireo mpanao politika ao anatin'izany, na ny eo amin'ny fitondrana na ireo mpanohitra. Mazava loatra fa tsy hitovy ny fijerin'izy ireo manoloana izany. Raha mitovy dia mety tsy ho tsara ho an'ny firenena izany, satria ny mpanohitra natao ho aroriaka amin'ny mety ho fivilian-dalan'ny mpitondra amin'ny fitantanam-pirenena. Ho fiarovana ny vahoaka sy ny firenena izany, mba tsy ho potsitra ao anaty lalana tsy azony anoharana na fiainana tsy sitrany sy tsy mendrika ho azy. Tsy mahasoa ny firenena ny fandehanana ao anaty lalan-tokana tsy ananan-tsafidy. Niseho izany tranga izany tany amin'ny Repoblika faharoa nanomboka ny taona 1975. Dia niaraha-nahita ny zava-nanjo ny vahoaka vao dimy taona monja teo taty aoriana.
Ny tsikaritra ao anatin'izao resabe maro samihafa ara-politika toa mampivena ny firenena izao, dia toy ny mpitazana fotsiny na mpitan-damba ny vahoaka. Mihaino fe mihaino fotsiny no ataony dia hatreo. Ary misy diso hevitra ny mpanao politika na ny tomponandraikitra sasany amin'ny filazana fampitoniana ny vahoaka. Ny vahoaka dia tena tony mandrakariva, ary zary tsy miraika amin'ny zava-misy sy mitranga eto amin'ny firenena hatramin'izay nanombohany ho zatra miatrika izao valanaretina coronavirus izao sy ny fiainany andavanandro ao anatin'izany. Manaporofo izay, tsy misy olona mihitsy mba miresaka ity tantara be momba ny filohan'ny Repoblika Rajoelina ity any anaty fiara fitateram-bahoaka any, na any anivon'ny fiaraha-monina andavanandro. Miseho miresaka etsy sy eroa, amin'ny haino vaky jery ny tomponandraiki-panjakana, mampita vaovao, fa toa tsy mampihetsi-bolomaso ny sarambabem-bahoaka. Mampieritreritra lalina izany fihetsiky ny vahoaka izany ary mampanahy fatratra ho an'ny mpandinika ny fiainam-pirenena. Antony iray mety nahatonga izany, dia noho ny nataon'ny olom-boafidy na olom-boatendry ihany amin'ny filazana fa tsy mila maneho hevitra an-dalambe ny vahoaka, fa efa eo ny solombavambahoakany. Avy amin'ny mpitondra ihany raha izay no nahatonga izany. Raha ny vahoaka anefa no tsy miraika amin'ny zava-mitranga eo amin'ny firenena dia ratsy izany ho amin'ny hoaviny. Tsy tokony ho mandrimandry manana aretina amin'izany zava-misy izany izay mahatsiaro ho tompon'andraikitra rehetra eto amin'ity firenena ity, satria mety baomba hipoaka io atsy ho atsy, na ato ho ato.

Sôh'son